# Raharaham-piangonana 17/10/2010

**Vaovaom-piangonana**

- Sady nahafinaritra no feno mpiangona (na malagasy na vazaha) ny fiaraha-mivavaka niaraka tamin'ny mpiangona tao Ecublens ny alahady 17 oktobra maraina. Misaotra ireo rehetra nandray anjara sy ireo tonga nanantevin-daharana. Misaotra manokana an'i Pasitera Ntsoa tamin'ny torinteny ary ny fandraisana (eucharistie) izay nataony niaraka tamin'i Pasitera Vincent Guyaz. Misaotra ny antokom-pihira ary i Liva tamin'ny fanazavana fohy momba ny hira natao. Misoatra ireo rehetra nitondra tsakitsaky tamin'ny après-culte. Manantena fa ho maro sahala amin'ireny isika amin'ny fotoam-pivavahana manaraka.

- **Fotoana manaraka**

Toy izao ny fotoana manaraka.

- 31 oktobra : Fotoam-pivavahana any Neuchâtel (Paroisse de la Maladière, @ 3 ora tolakandro) izay karakarain'ny sampana sekoly alahady. Hiangaviana ireo raiamandreny mikasa ny hitondra ny zanany mba hampilaza mialoha ny komity mba hafahana mandamina ny fotoana. Manentana manokana ireo raiamandreny any an-toerana (Jura sy Neuchâtel).

- 07 novambra : Fotoam-pivavahana karakarain'ny sampana vehivavy Fanasina izay atao any Genève Servette ary hanasa ny rehetra. Iangaviana ny vehivavy rehetra hanao akanjo ambony fotsy sy ambany mainty ary hitafy lamba izay tiany @ io fotoana io. Araky ny mahazatra dia ny vehivavy no mitondra ny goûter aorian'ny fotoam-pivavahana. Koa tongava maro hanotrona ny vehivavy Fanasina.

- 14 novambra **14h30 .** Paroisse de Sévelin – Lausanne. Mampatsiaro antsika fa isaky ny alahady faharoa dia misy asa sy fampaherezana any Lausanne izay tanterahan' ny mpiandry ao amin'ny FKMSM miaraka amin'ny mpiandry avy amin'ny fiangonana hafa.

21 novambra **11h30 – 16h**: Fotoam-pivavahana famaranana ny jobily faha 25-taona ny FKMSM izay atao ao amin'ny Fiangonana Protestanta ao Chailly, Av. du Temple 2, 1012 Lausanne (nanaovana ny kermesy farany teo). Ny sampana rehetra no handray anjara amin'ny litorjia. Hisy fiaraha-misakafo (repas canadien) aorian'ny fotoam-pivavahana ka hiangaviana ny fianakaviana tsirairay mba samy hitondra ny sakafo sahaza azy miampy olona roa. Miangavy koa mba hitondra couvert (lovia, sotro, antsy, fourchette, sotro kely tsy en plastique jetable) ho an'olona enina (6) isaky ny fianakaviana .

Misy lakozy azo hampiasaina ao an-toerana raha misy sakafo mila hafanaina.

Misy toerana telo azo hametrahana fiara

1) Eo alohan'ny fiangonana ka ny fidirana dia Chemin de Rovéréaz 11

2) Eo ambadikin'ny fiangonana, ny fidirana dia Av. du Temple 2

3) Eo amin'ny collège de Chailly, intersection ch. de Rovéréaz ary av. du Temple

**Fampatsiahivana:**

- Noho ny fankalazana ny faha-25 taona ny FKMSM dia nisy ny valopy efa nozaraina izay averina isaky ny fotoam-pivavahana hividianana fanamafisam-peo ho an'ny Fiangonana ho tsangambaton'ny Jobily. Ao koa ny boky amidy mitondra ny lohateny hoe « Ny Fiangonana kristiana ». Koa isaorana sahady ny fandraisantsika anjara.

**Vaovaon'ny sampana**
*VJ+STL+STN*
Efa manomboka ny fampianaran-kira amin'ny concert de Noël izay atao any Genève, Paroisse de Servette, ny asabotsy 18 desambra amin'ny 7 ora hariva.

*Fanasina*
Misy sortie ataon'ny sampana Fanasina any Gruyère ny asabotsy 13 novambra, izay hitsidihina ny fanaovana chocolat any an-toerana. Marihina fa ireo lehilahy mitondra ny vady amanjanana any an-toerana dia afaka mandray anjara koa.

**Fanasana avy amin'ny fiangonana rahavavy :**
Mikarakara sakafo ny FJKM-Gland amin'ny alahady 31 oktobra 2010 ho avy izao ao amin'ny Salle Communale de Gland, amin'ny 1 ora tolakandro. 25.- CHF ny tapakila fandraisana anjara amin'izany.
Contact : Ranaivo Mahaleo RAZAKANIRINA [ranaivo@ambohimalaza.org]

La chorale Fiderana donnera un concert le samedi 6 novembre 2010 à 19h, **à l'Eglise adventiste de Collonges –sous-Salève,** 131 ch. du Pérouzet**,** 74160 Collonges-sous-Salève
auquel chacun est cordialement invité. Libre participation aux frais.
Contact : fiderana@live.fr ou 04 50 37 79 03

La communauté catholique malgache du Genevois (CCMG) a le plaisir de vous inviter au DEJEUNER CONCERT qu'elle organise le 14 novembre 2010 à partir de 12h30 à la SALLE JOSTA à ANNEMASSE. Participation 15 Euros (adultes), 5 Euros (enfant). Contact : 06 30 86 72 27 – 06 01 84 49 31 - 04 50 84 27 44